



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ANTENIMIERAMPIRENENA

FITONDRAN-DRAHARAHAN'NY FANAOVAN-DALANA

SAMPAN-DRAHARAHAN'NY FANAOVAN-DALANA SY NY FIVORIANA

FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA AO AMIN'NY REPOBLIKA FAHAEFATRA

TAONA 2021

FAMINTINANANA NY RIJAN-TENY LANY

FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA- TAONA 2021
(NY 17-03-21 KA HATRAMIN'NY 26-03-21)

26 MARSÀ 2021

Volavolan-dalàna lany (01)

N°	Lohateny	Famintinana
01	<p>Lalàna laharana faha-2021-002 anomezan-dalana ny fankatoavana ny Fifanekena fampisamboram-bola mifandraika amin'ny famatsiam-bola fanampiny ny Tetikasa mifandray tendro Fampandrosoana ny Tanan-dehibe sy Fisedrana loza (PRODUIR), ao anaty sehatry ny fanentsenam-bola sy fandaminana indray ny tetikasa noho ny fampandehanana ny loharanom-bola CERC-MRI, nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Fampandrosoana (IDA) sonia tamin'ny 16 desambra 2020.</p> <p><i>Fandinihana teny anivon'ny vaomiera : 22/03/21</i></p> <p><i>Fivoriambe :</i> <i>Antenimierampirenena :23/03/21</i> <i>Antenimierandoholona :26/03/21</i></p>	<p>Nisitiraka ny fampindramam-bola avy amin'ny IDA izay mitentina 35.500.000 DTS na 50.000.000 dôlara amerikana, sahabo ho 191.112.865.000 ariary ny Fanjakana malagasy ho famatsiam-bola fanampiny ny Tetikasa PRODUIR.</p> <p>Tanjon'ny tetikasa ny hanatsarana ny toe-piainana eny an-tanan-dehibe sy ny fisedrana loza ateraky ny tondra-drano eny amin'ny fari-bohitra mahantra ao Antananarivo Lehibe sy hanatsarana ny fahafaha-misedra haingana sy mandaitra manoloana ny fotoam-pahamaizana sy ny fahasahiranana.</p> <p>Natao izao findramam-bola izao mba ho solon'ny 50 tapitrisa dôlara amerikana teo aloha an'ny tetikasa kanefa nampiasaina tamin'ny sehatra hafa mba hiatrehana ny hamehana ara-pahasalamana noho ny famelezan'ny valanaretina covid-19.</p> <p>Toy izao ny fepetran'ny fampindramam-bola :</p> <ul style="list-style-type: none"> - Famatsiam-bola teo am-boalohany : Fampindramana de 75 tapitrisa dôlara amerikana ; - Fampindramam-bola fanampiny : 50.000.000 dôlara amerikana, sahabo ho 192.112.865.000 ariary. - Faharetan'ny famerenam-bola: 32 taona ka ao anatin'izany ny 6 taona tsy amerenana. - Tambim-pamoaham-bola : taha isan-taona 0,50%-n'ny vola tsy mbola nampiasaina (non décaissé) - Tambin-draharaha : taha isan-taona 0,75%-n'ny tontalin'ny vola nampiasaina fa mbola tsy mbola naverina. <p>Isaky ny 01 marsa sy 01 septambra no andoavam-bola manomboka ny taona 2027.</p> <p>Ahitana ireto fizaràna manaraka ireto ny tetikasa :</p> <ul style="list-style-type: none"> - Fanatsarana ny famoahan-drano, ny tolotra sy ny fahafahana misedra loza an-tanan-dehibe ao amin'ny faritra misy ny tetikasa; - Fanamafisana ny fahaiza-manao eny amin'ny rafi-panjakana mba hisian'ny

		<p>fitantanana ny tanan-dehibe afa-misedra loza ;</p> <ul style="list-style-type: none">- Fitantanana ny tetikasa, fandrindrana, fizohiana ary toman'ezaka,- Fomba avy hatrany ny loza. <p>Voatondro ho amin'ny 28 febroary 2023 ny fikatonan'ny tetikasa.</p> <p>Misitraka izao famatsiam-bola fanampiny izao ny Boriborintany voalohany sy fahefatra ao amin'ny Kaominina andrenivohitra Antananarivo ary koa ny kaominina Bemasoandro, Andranonahoatra, Anosizato Andrefana.Samy ao amin'ny Faritra Analamanga izy ireo.</p>
--	--	--